# Ny Zava-Miafina an'Andriamanitra

APOKALYPSY 10:7



# Fanoroam-pejy




2 Ilay Ivelan'ny Voajanahary

8 Fitsarana

12 Ny Anarana

16 Ny Fiainana any Aoriana

22 Ny Ota Voalohany

28 Ilay Andro Mahatahotra An'ny Tompo

34 Ny Teny



www.nyhafatra.org

or

VOICE OF GOD RECORDINGS
PO Box 950
Jeffersonville, IN 47131 USA


MBOLA MANAO AN'IREO ASA LEHIBE TAHAKA NY NATAONY AO AMIN'NY BAIBOLY VE ANDRIAMANITRA?

EFA MBA NANONTANY NY TENANAREO VE IANAREO HOE NAHOANA IANAREO NO MILA HATAO BATISA?

SATRIA FOTSINY VE HOE MAMBRAN'NY FIANGONANA IRAY IANAREO, DIA MIDIKA VE IZANY FA VOAVONJY IANAREO?

INONA MARINA NO NITRANGA TEO AMIN'I SATANA SY EVA TAO AMIN'NY SAHAN'I EDENA?

EFA FANTATRAREO VE FA NY BAIBOLY DIA NAMPANANTENA FA NY ZAVA-MIAFINA AN'ANDRIAMANITRA DIA HIFARANA AMIN'IZAO ANDRO FARANY IZAO?

IZAO NO FOTOANA HO AN'IREO ZAVA-MIAFINA HIVAHANY SY HO VOAMBARA AMIN'IZAO TONTOLO IZAO.

**SITRAKAREO VE NY HANDRE NY TENIN'ANDRIAMANITRA MARINA?**

Fa amin'ny andron'ny feon'ny anjely fahafito, rehefa hanomboka hitsoka izy, dia hifarana ny **zava-miafina** an'Andriamanitra, araka ny nambarany tamin'ireo mpaminany mpanompony. APOKALYPSY 10:7

# Ilay Ivelan'ny Voajanahary

ILAY IVELAN'NY VOAJANAHARY

**Jaona 14:12**

*Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo, izay mino Ahy, ireo asa Ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy; satria Aho mankany amin'ny Ray.*

**Marka 16:17-18**

*Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; amin'ny Anarako dia handroaka devoly izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo;*
*Handray menarana izy ireo; ary raha misotro zava-mahafaty izy ireo, dia tsy hampaninona azy ireo izany; hametra-tanana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny.*

Isika rehetra dia afaka mamadika an'ireo pejin'ny Baiboly ka mahita fa manao fahagagana Andriamanitra: Nanasaraka ny Ranomasina Mena i Mosesy, niantso mosary i Elia, nandeha teo ambonin'ny rano Jesosy, ary nanasitrana ny marary ireo mpianatra.

Misy an'arivony ireo zava-nitranga mahagaga voarakitra ao amin'ny Baiboly. Raha mitondra vavolombelona *miaraka amin'ireo famantarana sy fahagagana*, Andriamanitra, dia aiza àry ireo Fahagagany amin'izao andro izao? Afaka manasitrana homamiadana ve Izy tahaka ny Nanasitranany ny habokana ao amin'ny Baiboly? Ahoana ny amin'ny SIDA na ny malaria? Mbola afaka manao fahagagana ve Izy? Eny, mbola afaka manao fahagagana Andriamanitra ary *izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino.*

*Ankehitriny, jereo ry sakaiza, eritrereto ny amin'ny Mpanjaka George an'i Angletera, rehefa sitrana tamin'ny aretin-kozatra marobe izy, rehefa avy nivavaka ho azy izahay. Eritrereto ny amin'i Florence Nightingale, (ny renibeny, ilay mpanorina ny Vokovokomena), izay teo amin'ny enim-polo livatra ny lanjany, nandry teo am-pahafatesana tany niaraka tamin'ny homamiadana iray tao amin'ny tsinay keliny, nandry teo am-pahafatesana tany. Voromailala kely iray no nanidina tao amin'ilay kirihitra tany ary tonga ny Fanahin'Andriamanitra ka nanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE, ho velona izy." Ary milanja dimy amby dimampolo amby zato livatra izy ao amin'ny fahasalamana tanteraka.*

*Eritrereto ny amin'ilay lehilahy Kongresista Upshaw nipetraka tanteraka teo ambonin'ny seza sy fandriana an-taonany maro, nandritry ny enina amby enimpolo taona. Ary tao anatin'ny fotoana iray dia nitsangana tamin'ny tongony, nihazakazaka eran'ny tranobe, nikasika ny rantsan-tongony, lasa ara-dalàna tanteraka sady sitrana.*

*Eritrereto fotsiny ireo olona an'alinalina izay sitrana. Nahoana isika no mipetraka eto mandra-pahafatintsika? Ndao isika hanao zavatra mikasika an'izany.*

Manàna finoana raha marary sy mila zavatra ianareo. Ny Baiboly no milaza fa *Jesosy Kristy no tsy miova omaly, sy anio, ary mandrakizay,* noho izany raha afaka nanao fahagagana Izy roa arivo taona lasa izay, dia afaka manao an'ilay zavatra mitovy Izy amin'izao andro izao. Izy no nampanantena antsika fa sitrana isika, raha *mino fotsiny* isika.

William D.
## Upshaw
dia niasa valo taona tao amin'ny United States House of Representatives ary nilatsaka ho filoha tamin'ny 1932. Loza iray tao amin'ny fambolena no nampalemy azy raha mbola zazalahy iray izy, ary nandany 66 taona na tamin'ny tehina na tamin'ny seza misy kodiarana izy. Tamin'ny 1951, sitrana tanteraka izy ary namindra tsara tamin'ny fiainany sisa.






Florence
## Nightingale,
havana lavitry ny mpitsabo malaza iray, dia tratry ny homamiadana mafin'ny tsinay. Izy no nandefa an'ity sary ity ho fiangaviana farany ho an'ny vavaka talohan'ny nakan'ilay homamiadana farany ny ainy. Araka ny hitanareo, dia efa tena ho faty izy mialohan'ny nanasitranan'ny Tompo Jesosy azy tamin'ny 1950. Ny sary manaraka dia nalaina taorian'ny fahasitranany ary nalefa mba ho vavolombelona fa mbola manasitrana ny marary Andriamanitra.








Tris
## Griffin
dia nandeha tany amin'ny biraon'ny dokotera ny voalohan'ny taona 2013 nohon'ny fanaintainan'ny lamosina izay natahorany fa mety ho fisehon'ny adiny indray tamin'ny homamiadana. MRI iray no naneho taminy ny "fahatatahan'ny lalan-drà" iray tao amin'ny fony, izay nitarika an'ireo dokotera hanao fanandramana lavidavitra kokoa sy nandahatra fotoana ho an'ny fandidiana maika ny ampitso. Ny tsipika eo amin'ilay fo eto amin'ny sary dia faharovitana iray miharihary izay nidika ho fahafatesana haingana sy saiky azo antoka raha vaky ilay izy.



Ny ampitso, rehefa avy nivavaka ho azy ireo mpino, dia nitondra CT scan iray ireo dokotera mba hanondro marina an'ilay toerana mialohan'ny fandidiana. Tamin'io fotoana io, ireo sary dia nampiseho fo salama tanteraka. Nikorontana tanteraka, ilay mpandidy niteny tamin-dRtoa. Griffin hoe, "Tsy haiko izay ho lazaina aminao. Nanana fahatatahan'ny lalan-dràn'ny fo ianao, saingy ankehitriny dia lasa avokoa ny porofo rehetra." Nasehony azy ireo sary talohan'ny vavaka, sy ny taoriana. "Afaka mandeha ianao, sady izay koa, tsy misy na dia fambaran'ny homamiadana aza. Ao anatin'ny fahasalamana tanteraka ianao."





(ankavia) Manondro an'ilay lalan-dràn'ny fo ilay zana-tsipikan'ny dokotera, izay faritra mainty, boribory eo afovoan'ny sary. Ilay tsipika mitsivalana dia ilay aneurisme, na "fahatatahana" an'ny làlan-dràn'ny fo, izay mitaky fandidiana eo no ho eo ary mahafaty raha vaky ilay izy. (ambony) Scan fanindroany no natao ny ampitso. Nanjavona tanteraka ilay fahatatahana ary tsy niverina intsony.



## Fanoroan-teny

SALAMO 103:2-3
*Misaora ny TOMPO, O ry fanahiko, ary aza adinoinao ny fitahiany rehetra:*
*Izay mamela ny helokao rehetra;* ***izay manasitrana ny aretinao rehetra;***

ISAIA 53:5
*Nefa izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika, notorotoroina izy noho ny helotsika: ny famaizan'ny fiadanantsika no natao teo aminy; ary* ***tamin'ny dian-kapony no nahasitranana antsika.***

MARKA 16:17
***Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino;*** *amin'ny Anarako dia handroaka devoly izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo;*

LIOKA 17:6
*Ary hoy ny Tompo hoe,* ***Raha manana finoana toy ny voatsinampy ianareo****, dia azonareo lazaina amin'io voaroihazo io hoe, Miongota ianao amin'ny fàkanao, ary maniria ianao any anatin'ny ranomasina; dia* ***hanaiky anareo izy****.*

JAONA 14:12
*Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo,* ***izay mino Ahy, ireo asa Ataoko no hataony koa;*** *ary hanao asa lehibe noho izany aza izy; satria Aho mankany amin'ny Ray.*

I TESALONIANA 1:5
*Fa ny filazantsaranay dia tsy tonga teo aminareo tamin'ny teny ihany,* ***fa tamin'ny hery koa****, sy tamin'ny Fanahy Masina, ary tamin'ny fahatokiana be; araky ny efa fantatrareo hoe fitondrantenan'olona inona izahay teo anivonareo mikasika anareo.*

HEBREO 2:3-4
*Hataontsika ahoana no fandositra, raha tsy mitandrina an'izao famonjena lehibe izao isika; dia izay nampilazaina ny Tompo tamin'ny voalohany, ary nohamarinina tamintsika tamin'ny alàlan'ireo izay nandre azy;*
***Andriamanitra koa dia niara-nanambara tamin'izy ireo, tamin'ny famantarana sy fahagagana****, sy zava-mahagaga samihafa, ary ny fanomezan'ny Fanahy Masina, araka ny sitrapony?*

HEBREO 13:8
*Jesosy Kristy no tsy miova omaly, sy anio, ary mandrakizay.*

JAKOBA 5:15
***Fa ny vavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary,*** *ary ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy, dia havela aminy izany.*

I PETERA 2:24
*Izay nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo, mba hahatonga antsika, izay maty ny amin'ny ota, ho velona ny amin'ny fahamarinana:* ***tamin'ny dian-kapony no nahasitranana antsika.***

# Fitsarana

**Salamo 96:13**

Eo anatrehan'ny TOMPO: fa avy izy, avy izy hitsara ny tany: hitsara an'izao tontolo izao amin'ny fahamarinana izy, ary ny olona amin'ny fahamarinany.

Misy anaram-piangonana an'arivony samihafa eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao. Ny fivavahana tsirairay dia manameloka an'ilay iray hafa, kanefa izy rehetra dia mampanantena famonjena amin'ny alàlan'ny *anaram-piangonany*. Ahoana no hahafantarantsika hoe iza no ho fidiana?

Raha mifidy ny fiangonana Katolika isika, dia manaiky ny *fanelanelanan'ireo olo-masina*, isika, izay tsy hafa fa fivavahana amin'ny sampy. Hoy ny Baiboly hoe, *"Fa iray Andriamanitra, ary iray no mpanelanelana an'Andriamanitra sy ny olona, dia ilay lehilahy Kristy Jesosy;"* (I Tim 2:5). Ny pretra dia antsoina hoe "Ray" izay noraran'i Jesosy ao amin'ny Mat 23:9: *"Fa aza miantso olona ho rainareo ety an-tany: fa iray no Rainareo, dia any an-danitra."* Ireo Assemblées de Dieu dia miteny amintsika fa ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra no porofo voalohan'ny Fanahy Masina, nefa i Paoly dia nilaza hoe, *"Na dia miteny amin'ny fitenin'olona tsy fantatra sy ny anjely aza aho, nefa tsy manam-pitiavana, dia lasa feom-barahina aho, na kimpantsona maneno."* (I Kor 13:1)



Saiky ny anaram-piangonana rehetra dia haingana ery miteny amintsika fa maro ireo zavatra ao amin'ny Baiboly no diso fandika, misy voatelina ao amin'ny fandikana, na tsy mihatra amin'izao andro ankehitriny izao. Noho izany, dia natao hino ny Baiboly ve isika sa ireo fampianaran'ireo anaram-piangonana? Inona no hampiasain'Andriamanitra ho faneva ho an'ny fitsarana?

*Raha hanontany ny Katolika aho eto izao hariva izao hoe, "Amin'ny inona no heverinao fa hitsaran'Andriamanitra an'izao tontolo izao?" Dia hoy ilay Katolika hoe, "Amin'ny alàlan'ny Fiangonana Katolika." Eny àry, ankehitriny dia Fiangonana Katolika inona? Ankehitriny izy ireo dia manana ny Romana, ny Grika Ortodoksa, sy ny maro amin'izy ireny. Ho Fiangonana Katolika iza ilay izy? Ny Loterana dia hanao hoe, "Amin'ny alàlanay," amin'izay fotoana izay dia any ivelany ianareo Batista. Ary raha hiteny isika amin'izay hoe, "Amin'ny alàlan'ny Batista," amin'izay fotoana izay dia any ivelany ianareo Pentekotista. Noho izany dia hisy fifanjevoana lehibe, tsy hisy hahafantatra izay hatao; koa Izy dia tsy nampanantena mihitsy ny hitsara an'izao tontolo izao amin'ny alàlan'ny fiangonana.*

*Nampanantena Izy ny hitsara an'izao tontolo izao amin'ny alàlan'i Kristy, ary Kristy no Teny. Ary ny Baiboly no hitsara an'izao tontolo izao, dia Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.*

## Fanoroan-teny

JAONA 1:1
*Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.*

JAONA 1:14
***Ary ny Teny dia tonga nofo**, ka nonina teo anivontsika (ary hitanay ny voninahiny, dia ny voninahitry ny lahitokana avy tamin'ny Ray,) feno fahasoavana sy fahamarinana.*

JAONA 5:22
*Fa ny Ray aza tsy mitsara olona, **fa ny fitsarana rehetra dia nomeny ny Zanaka:***

JAONA 12:48
*Izay mandà ahy, ka tsy mandray ny teniko, dia manana izay mitsara azy: **ny teny izay nolazaiko,** dia izany ihany no hitsara azy amin'ny andro farany.*

EFESIANA 1:5-7
*Rehefa notendreny rahateo isika ho amin'ny fananganana anaka amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy izy tenany, araka izay fahafinaretana tsara an'ny sitrapony,*
*Mba ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany, tamin'ny nanaovany antsika ho ekena tao amin'ny malala.*
***Ao aminy no ananantsika fanavotana tamin'ny alàlan'ny ràny, dia ny famelàna ny fahotantsika, araka ny harenan'ny fahasoavany;***

EFESIANA 2:5-8
***Fony maty tao amin'ny ota aza isika, dia novelominy niaraka tamin'i Kristy isika, (fahasoavana no namonjena antsika;)***
*Ary niara-nanangana antsika izy, ary nametraka antsika niaraka tao amin'ny fitoeran-danitra ao amin'i Kristy Jesosy:*
*Mba hasehony amin'ny andro ho avy ny harenan'ny fahasoavany tsy hita lany amin'ny fahamorampanahiny amintsika amin'ny alàlan'i Kristy Jesosy.*
*Fa tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo tamin'ny alàlan'ny finoana; ary izany dia tsy avy amin'ny tenanareo: izany dia fanomezan'Andriamanitra:*

I JAONA 1:7
*Fa raha mandeha amin'ny fahazavana isika, tahaka azy eo amin'ny hazavana, dia manana fiombonana isika, **ary ny ràn'i Jesosy Kristy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra.***

APOKALYPSY 22:*18-19*
*Fa izaho dia manambara amin'ny olona rehetra izay mandre ny faminanian'ity boky ity, Raha misy olona manampy amin'ireo zavatra ireo, dia Andriamanitra no hanampy aminy ireo loza izay voasoratra ao amin'ity boky ity:*
*Ary raha misy olona hanaisotra amin'ireo tenin'ity bokin'ny faminaniana ity, dia Andriamanitra no hanaisotra ny anjarany ao amin'ny bokin'ny fiainana, sy ny tanàna masina, ary ireo zavatra izay voasoratra ao amin'ity boky ity.*



# Ny Anarana

**Marka 16:16**

*Izay mino sy hatao batisa no ho vonjena; fa izay tsy mino no hohelohina.*

**Asa 2:38**

Dia hoy i Petera tamin'izy ireo, Mibebaha, ary aoka ianareo rehetra samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny heloka, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.

Miharihary, fa zava-dehibe ny batisa, saingy mampaninona ve hoe toy ny *ahoana* no nanaovana batisa antsika? Misy ve ny batisa marina anankiray, sa ny zavatra rehetra dia mety avokoa? Raha mino ny Baiboly ianareo, dia ENY, misy ny batisa marina anankiray.

Ny ankabiazan'ny fiangonana dia manao batisa amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, saingy tsy marina izany araka ny Baiboly.

Ao amin'ny Asa 19, dia nisy vahoaka iray izay efa nino an'i Jesosy Kristy, saingy tsy mbola nandray ny Fanahy Masina tao am-pony. Ny apostoly Paoly dia nahafantatra ny fomba marina handraisana ny Fanahy Masina, koa nanontany azy ireo izy hoe, *"Ho amin'ny inona àry no nanaovana batisa anareo?"* Dia hoy izy ireo hoe, *"Ho amin'ny batisan'i Jaona."* (Asa 19:3) Hitan'i Paoly fa tsy natao batisa araka ny didin'i Petera izy ireo ao amin'ny Asa 2:38, koa dia nampianatra azy ireo izy mba hatao batisa indray amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Avy eo, araka ny nampanantenaina, dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo.





Noho izany, nahoana ireo mpianatra no nanao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy nefa Jesosy, Izy tenany, no niteny tamin'izy ireo mba hanao batisa amin'ny ***Anarana*** (fa tsy "ireo anarana") an'ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina? (Mat 28:19) Nanao fahadisoana iray ve izy ireo? Tsia! Tena nanao tanteraka araka ny nampianarina azy izy ireo.

Raha mamaky an'ity lahatsoratra ity ianareo, dia eritrereto ny amin'ny anaranareo. Zanaka iray ve ianareo? Ny anaranareo ve dia, "Zanaka"? Reny iray ve ianareo? Ny anaranareo ve dia, "Reny"? Mazava ho azy fa tsia, titra fotsiny ihany ireo. Manana anarana iray tena izy ianareo, ary toy izany koa Andriamanitra.

Indro ilay valiny:

> *Ary tsy misy zavatra tahaka an'izany ao amin'ny Baiboly hoe mba nisy olona iray natao batisa tamin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina; satria tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Tsy anarana ny Ray; ary tsy anarana ny Zanaka; ary tsy anarana ny Fanahy Masina; fa ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina dia ny Tompo Jesosy Kristy.*

Jesosy Kristy no Andriamanitra! Izy no Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina.

Raha mikatsaka ny Fanahy Masina ianareo ka manontany tena hoe nahoana ny Tompo no tsy mbola nanome an'izany ho anareo, amin'izay fotoana izay ianareo dia tokony hanontany ny tenanareo amin'ilay fanontaniana mitovy amin'izay nanontanian'i Paoly hoe, "Ho amin'ny inona àry no nanaovana batisa anareo?"



## Fanoroan-teny

**Matio 28:19**
*Koa mandehana ianareo, ary ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina:* [Iza no Anaran'ny Ray? Anaran'ny Zanaka? Anaran'ny Fanahy Masina?]

**Marka 16:16**
*Izay mino sy hatao batisa no ho vonjena; fa izay tsy mino no hohelohina.*

**Jaona 5:43**
***Izaho dia avy amin'ny anaran'ny Raiko,*** *fa ianareo tsy nandray ahy: raha misy hafa avy amin'ny anarany manokana, dia ho raisinareo izy.* [Raha avy amin'ny Anaran'ny Rainy Izy, iza àry no Anarany?]

**Jaona 10:30**
*Izaho sy ny Raiko dia iray ihany.*

**Jaona 12:45**
*Ary izay mahita ahy dia mahita izay naniraka ahy.*

**Jaona 14:8-9**
*Hoy i Filipo taminy, Tompo, asehoy anay ny Ray, dia ampy ho anay izay.*
*Hoy Jesosy taminy, Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka mbola tsy fantatrao ihany ve aho, ry Filipo?* ***izay nahita ahy dia nahita ny Ray;*** *koa ahoana no itenenanareo hoe, Asehoy anay ny Ray?*

**Jaona 20:27-28**
*Dia hoy izy tamin'i Tomasy, Ahinjiro manketo ny rantsan-tànanao, ary jereo ny tànako; ary ahinjiro manketo ny tànanao, ary atehefo eto amin'ny lanivohoko izany: ary aza ho isan'izay tsy mino, fa minoa.*
*Dia namaly i Tomasy ka nanao taminy hoe,* ***Tompoko sy Andriamanitro.***

**Asa 2:38-39**
*Dia hoy i Petera tamin'izy ireo, Mibebaha, ary aoka ianareo rehetra samy hatao batisa* ***amin'ny anaran'i Jesosy Kristy*** *ho an'ny famelàn-heloka, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.*
***Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'ireo rehetra izay lavitra, na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika.***

**Asa 4:12**
*Tsy misy famonjena avy amin'ny hafa na iza na iza: satria tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona, izay hahavonjy antsika.*

**Asa 8:12**
*Nefa rehefa nino an'i Filipo nitory an'ireo zavatra mikasika ny fanjakan'Andriamanitra izy ireo, sy ny* ***anaran'i Jesosy Kristy****, dia natao batisa izy ireo, na ny lehilahy na ny vehivavy.*

**Asa 19:3-6**
*Dia hoy izy tamin'izy ireo, Ho amin'ny inona àry no nanaovana batisa anareo? Ary hoy izy ireo, Ho amin'ny batisan'i Jaona.*
*Dia hoy i Paoly, Jaona dia nanao marina tokoa ny batisan'ny fibebahana, nilaza tamin'ny olona, mba hinoan'izy ireo an'izay ho avy manaraka azy, izany hoe, Jesosy Kristy.*
*Rehefa nahare an'izany izy ireo, dia natao batisa tamin'ny* ***anaran'i Jesosy Kristy*** *izy ireo.*
*Ary rehefa nametra-tànana tamin'izy ireo i Paoly, dia tonga tamin'izy ireo ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, sady naminany.*

**Efesiana 4:5**
*Iray ny Tompo, iray ny finoana,* ***iray ny batisa,***

**Kolosiana 3:17**
*Ary na inona na inona ataonareo amin'ny teny na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny* ***anaran'ny Tompo Jesosy****, izany rehetra izany, misaotra an'Andriamanitra sy ny Ray amin'ny alàlany.*

**I Jaona 5:7**
*Fa misy telo izay manambara any an-danitra, dia ny Ray, ny Teny, ary ny Fanahy Masina: ary* ***ireo telo ireo dia iray.***

NY FIAINANA ANY AORIANA

# Ny Fiainana any Aoriana

**Jaona 5:28-29**

Aza gaga amin'izany: fa avy ny fotoana, izay handrenesan'ny rehetra any am-pasana ny feony,

Ary hivoaka avy ao; ireo izay nanao ny tsara, dia ho amin'ny fitsanganan'ny fiainana; fa ireo izay nanao ny ratsy kosa, ho amin'ny fitsanganan'ny ozona.

Hisy ny andro anankiray izay ny tsirairay avy amintsika, na Kristiana na ny hafa, dia hahita tanteraka an'izay ao ankoatry ny lamban'efitry ny fotoana. Ny Baiboly dia mampanantena Fiainana Mandrakizay ho an'ny sasany, ary ho an'ny hafa kosa, dia mampanantena ozona izy. Ny olombelona rehetra nanerana ny tantara dia azo antoka fa nanontany ny tenany hoe, "Inona no hitranga amiko rehefa maty aho?"

Ela be talohan'ny mba nisian'ny Baiboly iray ho vakiana aza, dia nandinika ny natiora ny mpaminany Joba. Niresaka ny amin'ny fanantenan'ny hazo anankiray izy, hoe nahoana izy no kapaina sy maty, nefa amin'ny alàlan'ny fanamboloana ny rano, dia mitsiry indray ho amin'ny fiainana izy ary mamoaka an'ireo tsimo-kazo. Joba dia nahafantatra fa ny olona iray, tahaka an'ilay hazo, dia hitsangana indray ho amin'ny fiainana:

> ***Raha maty ny olona, moa ho velona indray ve izy?*** *mandritry ny androm-panompoako rehetra dia hiandry aho, mandra-pahatongan'ny fanovàna ahy.*
>
> *Hiantso ianao, ary izaho hamaly anao: halahelo ny asan'ny tànanao ianao.*
>
> *Fa ankehitriny manisa ny diako ianao: tsy handinika ny fahotako ve ianao?* (Joba 14:14-16)

Mety tsy nanana Baiboly iray ho vakiana i Joba, saingy fantany kosa fa Andriamanitra dia hanangana azy avy ao am-pasana indray andro any rehefa hivoaka ilay Mpanavotra ny taranak'olombelona.

> *Oh enga anie ka ho voasoratra ny teniko! oh enga anie ho vita printy ao amin'ny boky izy ireny!*
>
> *Enga anie ka ho voasoratra amin'ny penina vy izy ireny eo amin'ny vatolampy ho mandrakizay.*
>
> *Fa fantatro fa velona ny mpanavotra ahy, ary hitsangana eo ambonin'ny tany izy any am-parany:*
>
> *Ary rehefa levona ny hoditro izao simba izao,* ***dia hahita an'Andriamanitra amin'ny nofoko aho:*** (Joba 19:23-26)

Niresaka ny amin'ny Tompo Jesosy sy ny fitsanganan'ny Olony ilay mpaminany. Tamin'ny alàlan'ny fanambarana no nahafantaran'i Joba fa na dia levona tanteraka aza ny vatantsika, dia Jesosy no hamerina ny nofontsika. Ary amin'ny masontsika manokana, dia hahita ny Fihaviany isika. Ny vahoakan'Andriamanitra rehetra dia maniry ny hahita an'izany andro be voninahitra izany.

Kanefa, azo antoka tahaka ny maha-misy an'Andriamanitra mihitsy, dia misy ihany koa ny devoly iray; ary azo antoka tahaka ny fisian'ny Lanitra mihitsy, dia misy koa ny helo iray. Avo loatra noho izay azontsika eritreretina ireo tsatokazo. Ny Apostoly Paoly dia nilaza fa, "*Tsy mbola hitan'ny maso, tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, ireo zavatra izay efa namboarin'Andriamanitra ho an'ireo izay tia azy.*" (I Kor. 2:9)

Ireo fisainantsika dia tsy afaka hahatakatra hoe ho lehibe toy ny ahoana ny Lanitra, sady tsy afaka hahatakatra ny horohoron'ny helo izy ireny. Jesosy no niteny tamintsika fa tena ratsy ny helo ka tsaratsara kokoa aza raha tapahina ny rantsana iray amin'ny vatantsika toy izay ho sahy handeha any amin'io toerana mahatsiravina io.

*Ary raha ny tànanao no manafintohina anao, dia tapaho izy: tsaratsara kokoa ho anao ny miditra kilemaina any amin'ny fiainana, noho ny manana tànana roa nefa handeha ho any amin'ny helo, ao amin'ny afo izay tsy azo vonoina mihitsy:* (Marka 9:43)

Noho izany dia iza no handeha any An-danitra? Ary iza no handeha any amin'ny helo? Fisainana mampalahelo ity, saingy Jesosy no nilaza fa ny ankabiazan'ny olona dia tsy handray ny valisoa izay Tiany homena: *Midira amin'ny vavahady èty ianareo: fa lehibe ny vavahady, ary malalaka ny làlana, izay mankany amin'ny faharavana, ary maro no hiditra any: Satria èty ny vavahady, ary tery ny làlana, izay mankany amin'ny fiainana,* ***ka vitsy no hahita azy.*** (Mat 7:13-14)

Jesosy koa dia nilaza hoe, "***Tsy izay rehetra manao amiko hoe, Tompo, Tompo, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra;*** *fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra. Maro no hilaza amiko amin'izany andro izany hoe, Tompo, Tompo, tsy efa naminany tamin'ny anaranao ve izahay? ary tamin'ny anaranao no nandroahanay devoly? ary tamin'ny anaranao no nanaovanay asa mahagaga maro? Ary dia hambarako amin'izy ireo hoe, tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay: mialà amiko, ianareo mpanao meloka.*" (Mat 7:21-23)

Satria ny olona iray izay milaza fotsiny ny Kristianisma dia tsy midika fa voavonjy izy. Noho izany, izao no fanontaniana miharihary ao amin'ny fisainantsika: Ahoana no hahazoako ny Fiainana Mandrakizay? Nanome antsika valiny iray tena tsotra Jesosy: *Marina tokoa, marina tokoa, lazaiko aminareo,* ***Izay mandre ny teniko, ka mino izay naniraka ahy, no manana fiainana mandrakizay,*** *ary tsy ho tonga amin'ny fanamelohana; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana.* (Jaona 5:24)

Mampalahelo anefa, fa tena olona vitsy eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao no manaiky haka fotoana avy amin'ireo androny tery mba handrenesana ny Tenin'Andriamanitra. Ary vitsy kokoa aza ireo izay hino ny Teny vantany vao mandre an'izany izy ireo.

Ireo fiangonana dia miteny amintsika mba ho olona tsara anankiray, hisaina tsara foana, aza mandainga, mamitaka, na mangalatra, dia handeha ho any An-danitra isika. Tsy azon'izy ireo fa ny helo dia ho feno an'ireo olona izay toy ny hoe miaina amin'ny fiainana tsara. Ny zava-misy dia tsy ho any An-danitra isika noho ireo asa soa antsika na satria mambran'ny fiangonana iray isika. Làlana tokana ihany ny mankany amin'ny Fiainana Mandrakizay, ary izany dia amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Izy no nampianatra antsika fa tsy maintsy MINO ny Teniny isika, dia ny Baiboly. Raha tsy izany, dia ahoana no haha-voavonjy antsika?

Rehefa tonga aminareo ilay andron'ny fitsarana, dia handre ve ianareo hoe, *"Avia, ianareo izay notahian'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voaomana ho anareo hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao,"* (Mat 25:34) sa handre ianareo hoe, *"Mialà amiko, ianareo izay voaozona, ho any amin'ny afo mandrakizay, izay voaomana ho an'ny devoly sy ny anjeliny"*? (Mat 25:41)

Satria mamaky an'ireo teny ireo ny masonareo, dia manana safidy anankiray ho raisina ianareo: Hisafidy ny hino ny Tenin'Andriamanitra ve ianareo?

## Aiza no handanianareo ny mandrakizay?



## Fanoroan-teny

Joba 14:12-16

*Ary toy izany koa ny olona mandry izy, ary tsy hiarina: mandra-pahatongan'ny lanitra tsy hisy intsony, dia tsy hifoha intsony izy, na hitsangana amin'ny torimasony.*
*O enga anie ianao hanafina ahy ao am-pasana, ka hanafina ahy, mandra-pahafaka ny fahatezeranao, ka ianao no hanendry fetrandro ho ahy, ka hahatsiaro ahy!*
*Raha maty ny olona, moa ho velona indray ve izy? mandritry ny androm-panompoako rehetra dia hiandry aho, mandra-pahatongan'ny fanovàna ahy.*
*Hiantso ianao, ary izaho hamaly anao: halahelo ny asan'ny tànanao ianao.*
*Fa ankehitriny dia manisa ny diako ianao: tsy handinika ny fahotako ve ianao?*

Joba 19:23-26

*Oh enga anie ka ho voasoratra ny teniko! oh enga anie ho vita printy ao amin'ny boky izy ireny!*
*Enga anie ka ho voasoratra amin'ny penina vy izy ireny eo amin'ny vatolampy ho mandrakizay!*
*Fa fantatro fa velona ny mpanavotra ahy, ary hitsangana eo ambonin'ny tany izy any am-parany:*
*Ary rehefa levona ny hoditro izao simba izao, dia hahita an'Andriamanitra amin'ny nofoko aho:*

Matio 7:21-23

*Tsy izay rehetra manao amiko hoe, Tompo, Tompo, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra; fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra.*
*Maro no hilaza amiko amin'izany andro izany hoe, Tompo, Tompo, tsy efa naminany tamin'ny anaranao ve izahay? ary tamin'ny anaranao no nandroahanay devoly? ary tamin'ny anaranao no nanaovanay asa mahagaga maro?*
*Ary dia hambarako amin'izy ireo hoe, Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay: mialà amiko, ianareo mpanao meloka.*

Matio 22:14

*Fa maro no hantsoina, fa vitsy no ho fidiana.*

Jaona 3:16-17

*Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino azy, fa hanana fiainana mandrakizay.*
*Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanany ho amin'izao tontolo izao mba hitsara izao tontolo izao; fa ny hahatonga an'izao tontolo izao ho voavonjy amin'ny alàlany.*

Jaona 5:24

*Marina tokoa, marina tokoa, lazaiko aminareo, Izay mandre ny teniko, ka mino izay naniraka ahy, no manana ny fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fanamelohana; fa efa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana.*

I Korintiana 2:9

*Fa araka ny voasoratra hoe, Tsy mbola hitan'ny maso, tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, ireo zavatra izay efa namboarin'Andriamanitra ho an' ireo izay tia azy.*

I Tesaloniana 4:13-18

*Fa tsy tiako tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, ny amin'ireo izay efa nodimandry, mba tsy halahelovanareo, tahaka ny sasany izay tsy manana fanantenana.*
*Fa raha inoantsika fa efa maty Jesosy sady efa nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran'Andriamanitra an'ireo efa nodimandry tao amin'i Jesosy hiaraka aminy.*
*Fa izao no lazainay aminareo amin'ny tenin'ny Tompo, fa isika izay velona ka mitoetra eo amin'ny andron'ny Tompo dia tsy mba hialoha an'ireo izay efa nodimandry.*
*Fa ny Tompo izy tenany no hidina avy any an-danitra miaraka amin'ny baiko, miaraka amin'ny feon'ny arkanjely, ary miaraka amin'ny trompetran'Andriamanitra: ary izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha:*
*Avy eo dia isika izay velona ka mitoetra no hakarina hiaraka amin'ireo eny amin'ny rahona, mba hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka: dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.*
*Koa mifampionona ianareo amin'izany teny izany.*

NY OTA VOALOHANY

# Ny Ota Voalohany

**Genesisy 3:1**

Ankehitriny ny menarana dia fetsy noho ny bibidia rehetra izay nataon'ny TOMPO Andriamanitra tao amin'ny saha. Dia hoy izy tamin'ny vehivavy, Hay, Andriamanitra no niteny hoe, Aza ihinananareo ny hazo rehetra eo amin'ny saha?

**Genesisy 3:6-7**

Ary rehefa hitan'ny vehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo, sady mahafinaritra ny maso, ary hazo mahatsiriritra hampahahendry, dia nangalany ny voany, dia nihinanany, ary nomeny koa ny vadiny teo anilany; ka nihinana izy.

Dia nahiratra ny mason'izy roa, ary fantany fa nitanjaka izy ireo; ary niaraka nanjaitra ravin'aviavy izy ireo, ka nanao sikina ho an'ny tenany.

**Genesisy 3:14-15**

Dia hoy ny TOMPO Andriamanitra tamin'ny menarana, Satria nahavita an'izany ianao, dia voaozona amin'ny biby fiompy rehetra ianao, ary amin'ny bibidia rehetra ao amin'ny saha; ny kibonao no handehananao, ary vovo-tany no hohaninao amin'ny androm-piainanao rehetra:

Ary izaho hametraka fifandrafesana eo aminao sy ny vehivavy, ary eo amin'ny taranakao sy ny taranany; izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao hanorotoro ny voditongony.

Io no ota voalohany voasoratra ao amin'ny Baiboly. Ilay fetsy indrindra tamin'ny bibidia rehetra, ny menarana, no "namitaka" an'i Eva tamin'ny fihinanana voankazo voarara anankiray. Nohaniny izany ary avy eo dia nomeny an'izany koa ny vadiny, izay nahatonga azy ireo hahalala fa nitanjaka izy ireo.

Ireo fanontaniana miharihary dia: Ahoana no ahafahan'ny menarana iray hiresaka? Inona no idiran'ny paoma iray amin'ny mitanjaka? Ary, aiza no hahavitan'ny taranaky menarana an'izany rehetra izany?



Ny Baiboly dia milaza fa ny menarana no "fetsy" indrindra amin'ny bibidia rehetra. Tena nitovy tamin'ny olombelona izy, hany ka afaka nandeha izy, niresaka, ary nanana firesaka hendry mihitsy aza. Rehefa avy namitaka ny vadin'i Adama izy, vao nanozona azy ho bibilava iray Andriamanitra, fa tsy talohan'ny nahavitan'ilay fanimbàna sy nambolena an'ilay taranaka.

Ny Baiboly dia milaza ao amin'ny Genesisy 3:15 fa nanana taranaka iray ny menarana, ary Andriamanitra dia nametraka *fifandrafesana* teo amin'ireo taranaka anankiroa ireo. Miharihary, fa ny taranaky ny menarana

no nifangaro tamin'ny taranaka ara-boajanaharin'i Eva talohan'ilay fanavahana. Ahoana no hahatonga an'izany rehetra izany ho vokatry ny fihinanana paoma iray? Avy eo, andininy vitsy aty aoriana, *"Adama dia niantso ny anaran'ny vadiny hoe Eva; satria izy no renin'ny olombelona rehetra."* Mariho fa izany dia tsy milaza fa Adama no *rain'ny* olombelona rehetra.

Misy "voa" samihafa ao amin'ny Baiboly. Mazava ho azy, misy ny voa iray ara-bakiteny, tahaka ny paoma iray, izay maniry ary hanina ho sakafo. Misy ihany koa ireo voa izay oharina amin'ireo asantsika, na ireo asa ara-boajanahary izany toy ny fiompiana sy ny fandraharahana, na ireo asa ara-panahy toy ny fanaovana fahagagana sy ny fitoriana ny Filazantsara. Avy eo, dia misy ny voan'ny kibo, izay oharina amin'ny fananan'anaka sy fiterahan-jaza.

Ny fihinanana voa ara-bakiteny iray ve dia mety hanome an'i Adama sy Eva ny fahalalana fa nitanjaka izy ireo? Na, mila firaisana ara-batana eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray ve ho azy ireo ny fahalalana hoe nahoana izy ireo no tsy maintsy manarona ny ampahany sasany amin'ny vatany?

Inona marina no nitranga tamin'io andro io tao amin'ny Saha ka nahatonga ny olombelona rehetra ho lavo?

> *Tahaka ny Taranaky ny vehivavy izay famokaran'Andriamanitra Izy tenany ara-bakiteny ao amin'ny nofon'olombelona, dia toy izany koa ny taranaky ny menarana no fomba ara-bakiteny izay hitan'i Satana fa hahafahany manokatra ny varavarana ho an'ny tenany hidirana ao amin'ny firazanan'olombelona. Tsy azon'i Satana natao (satria dia fanahy iray NOFORONINA fotsiny izy) ny namokatra ny tenany tamin'ny fomba namokaran'Andriamanitra ny Tenany, noho izany ny tantaran'ny Genesisy no milaza hoe ahoana no namokarany ny taranany sy nampidirany na nanatsofohany ny tenany tao amin'ny firazanan'olombelona. Mbola nampahatsiahy koa fa Satana dia nantsoina hoe ny "menarana." Ny taranany na ny fitsofohany tao amin'ny firazanan'olombelona no resahintsika.*
>
> *Talohan'ny mba nananan'i Adama fahalalana ara-nofo an'i Eva, dia ny menarana no nanana an'io fahalalana io talohany. Ary ilay anankiray teraka avy tamin'izany dia i Kaina. Kaina dia avy tamin'ny (naterak'i, lahimatoan'i) io "Ilay Ratsy," I Jaona 3:12.*
>
> *...Ny marina amin'ilay zavatra dia i Eva no nanana tao an-kibony zanakalahy ANANKIROA (kambana) avy tamin'ny fanatsofohana MISARAKA. Nitondra kambana izy, tamin'ny fananana an'i Kaina indray andro talohan'ny an'i Abela.*

## Fanoroan-teny

GENESISY 3:6-7

*Ary rehefa hitan'ny vehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo, sady mahafinaritra ny maso, ary hazo mahatsiriritra hampahahendry, dia nangalany ny voany, dia nihinanany, ary nomeny koa ny vadiny teo anilany; ka nihinana izy.*
*Dia nahiratra ny mason'izy roa, **ary fantany fa nitanjaka izy ireo**; ary niaraka nanjaitra ravin'aviavy izy ireo, ary nanao sikina ho an'ny tenany.*
[Ahoana no nahafantaran'izy ireo fa mitanjaka izy avy tamin'ny fihinanana voankazo anankiray?]

GENESISY 3:13-15

*Dia hoy ny TOMPO Andriamanitra tamin'ny vehivavy, Inona izao nataonao izao? Ary hoy ny vehivavy hoe, **Ny menarana no namitaka ahy,** dia nihinana aho.*
*Dia hoy ny TOMPO Andriamanitra tamin'ny menarana, Satria nahavita an'izany ianao, dia voaozona amin'ny biby fiompy rehetra ianao, ary amin'ny bibidia rehetra ao amin'ny saha; ny kibonao no handehananao, ary vovo-tany no hohaninao amin'ny androm-piainanao rehetra:*
*Ary izaho hametraka **fifandrafesana eo aminao sy ny vehivavy,** ary **eo amin'ny taranakao sy ny taranany;** izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao hanorotoro ny voditongony.*
[Nanana taranaka iray ny menarana. Miharihary, fa tsy manondro bibilava iray izany.]

GENESISY 3:20

*Ary i Adama dia niantso ny anaran'ny vadiny hoe Eva; satria **izy no renin'ny olombelona rehetra.***
[Nahoana i Adama no tsy nantsoina hoe rain'ny olombelona rehetra?]

GENESISY 4:1-2

*Ary nahalala an'i Eva vadiny i Adama; dia nanana anaka izy, ary niteraka an'i Kaina, ka nanao hoe, **Nahazo zazalahy tamin'ny TOMPO aho.***
*Ary niteraka an'i Abela rahalahiny indray izy. Ary i Abela dia mpiandry ondry, fa i Kaina kosa dia mpiasa tany.*
[Ny aina rehetra dia avy amin'Andriamanitra, na teraka ara-dalàna izy na tsy ara-dalàna. Tsy mahay mamorona aina i Satana.]

LIOKA 3:38

*Izay zanak'i Enosy, izay zanak'i **Seta, izay zanak'i Adama**, izay zanak'Andriamanitra.*
[Aiza ilay Kaina teraka voalohany ao amin'ilay taranak'i Adama?]

I JAONA 3:12

*Tsy ho tahaka an'i **Kaina, izay avy amin'ilay ratsy**, ka namono ny rahalahiny. Ary nahoana no namono azy izy? Satria ratsy ny asany, fa marina ny an'ny rahalahiny.*
[Andriamanitra dia namorona an'i Adama tahaka ny Endriny. Avy taiza ilay faharatsian'i Kaina, ary avy taiza ilay fahamarinan'i Abela? Ireo toetrany dia nolovainy avy tamin'ireo rainy.]

JODA 1:14

*Ary i Enoka koa, **ilay fahafito avy amin'i Adama**, dia efa naminany ny amin'ireny, nanao hoe, Indro, tonga ny Tompo miaraka amin'ireo masiny an'alinalina,*
[Tsy misy n'aiza n'aiza ao amin'ny Baiboly hoe i Kaina dia ao anatin'ny taranak'i Adama.]





# Ilay Andro Mahatahotra An'ny Tompo

**Malakia 4:1**

Fa, indro, avy ny andro, izay mandoro toy ny fatana...

**Malakia 4:5-6**

Indro, Izaho maniraka an'i Elia mpaminany ho aminareo mialohan'ny fihavian'ilay andro lehibe sady mahatahotra an'ny TOMPO:

Ary izy hamerina ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy, fandrao avy Aho ka hamely ny tany amin'ny fandringanana.

Ny Boky faran'ny Testamenta Taloha dia mampanantena ny fandravana an'izao tontolo izao. Fa mialohan'ny farany, dia nolazaina mialoha fa hiverina i Elia mpaminany ary hampiditra ny Mesia. Ny sasany dia milaza fa i Jaona Mpanao-batisa no nahatanteraka an'io faminaniana io.

Roa arivo taona lasa izay, dia niandry ny Mesia ho avy ireo Jiosy. Fantatr'izy ireo fa i Malakia dia naminany fa lehilahy iray miaraka amin'ny fanahin'i Elia no hampiditra ny Mesia ho azy ireo. Saingy rehefa tonga i Jaona Mpanao-batisa, tsy izy ilay Elia nandrasan'izy ireo. Rehefa nanontany an'i Jesosy izy ireo ny amin'ny hoe nahoana no tsy maintsy tonga aloha i Elia, dia Nolazainy mazava tamin'izy ireo fa i Jaona no fahatanterahan'io faminaniana io: *"Ary raha mety mandray azy ianareo, dia izy no Elias, izay ho avy."* (Elias dia teny Grika avy amin'ny anarana Hebreo hoe, Elia.)



Vondron'olona kely fotsiny ihany no naharay an'io fanambarana io. Ho an'ny ankabiazan'ireo mpitarika ara-pivavahana, dia tsy misy afa-tsy mpitsikera mafana fo an'ny rafi-pandaminan'izy ireo fotsiny i Jaona. Tsy hoe tsy nahalala an'ilay fanahin'i Elia fotsiny ihany izy ireo, fa ratsy lavitra, diso an'ny Fihavian'i Kristy ihany koa izy ireo.

**Noho izany dia nahatanteraka ny faminanian'i Malakia ve i Jaona Mpanao-batisa? Tsy feno tanteraka.**

Voalohany aloha, izao tontolo izao dia tsy mbola "nandoro toy ny fatana," noho izany dia fantatsika fa ny ampahany farany an'ny Malakia 4 dia mbola hitranga. Ny ampahan-tSoratra hafa iray izay tsy mbola tanterak'i Jaona dia, "ny mamerina ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy." Ary, Jesosy, Izy tenany, no naminany fa i Elia dia ho (ho avy) tonga ary hamerina ny zavatra rehetra amin'ny laoniny. (Mat 17:11)

**Koa tsy maintsy miandry an'i Elia isika mialohan'ny Fihaviana Faharoa an'i Kristy!**

Ankehitriny, ao amin'ity andro moderina ity, dia izao no fotoana ho an'ny Fihaviana Faharoa an'ny Tompo Jesosy. Eo indray koa, dia nampanantenaina isika fa ny fanahin'i Elia no hampiditra Azy amintsika araka ny Malakia 4. Saingy vondron'olona inona no hahalala an'i Elia rehefa tonga izy? Ireo izay miandry azy ihany.

Ireto Tenin'ny Tompontsika sy Mpamonjintsika ireto no tonga ao an-tsaina rehefa mieritreritra ny faminanian'i Malakia ho an'izao famaranana ny oran'ny fotoana izao isika:

Fa lazaiko aminareo, Ilay Elias dia efa tonga sahady, fa izy ireo no tsy nahafantatra azy...

Matio 17:12



Ahoana moa raha diso an'ny fihavian'i Elia isika? Ho diso an'ny Fihaviana Faharoa an'i Kristy ve isika, tahaka an'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo izay diso an'ny Fihaviany Voalohany satria tsy nahalala an'i Jaona Mpanao-batisa izy ireo?



## Fanoroan-teny

II Mpanjaka 2:15
*Ary rehefa nahita azy nifanatrika teo Jeriko ireo zanaky ny mpaminany, dia hoy izy ireo hoe,* ***Ny fanahin'i Elia no mipetraka ao amin'i Elisa.*** *Dia nandeha nitsena azy izy ireo, ary niankohoka tamin'ny tany teo anatrehany.*

Isaia 40:3-4
*Ny feon'izay miantso mafy any an-efitra hoe, Amboarinareo ny làlan'ny TOMPO, manaova làlambe any an-tany efitra ho an'Andriamanitsika.*
*Ny lohasaha rehetra hisandratra, ary ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra haetry: ary ny be havoana ho tonga tany marina, ary ny saro-dàlana ho tonga tany lemaka:* [Jaona Mpanao-batisa]

Malakia 3:1
*Indro, Izaho maniraka ny irako* [Jaona Mpanao-batisa], *ary* ***izy no hanamboatra làlana eo alohako****: ary ny Tompo, izay tadiavinareo, dia ho avy tampoka eo an-tempoliny, na dia ny iraky ny fanekena aza, izay irianareo dia: indro, tamy izy, hoy ny TOMPOn'ny maro.*

Malakia 4:1-6
*Fa,* ***indro, avy ny andro, mandoro toy ny fatana*** [izay tsy mbola nitranga]*; ary ny mpirehareha rehetra, hia, sy ny mpanao ratsy rehetra, dia ho vodivary: ka handoro azy ny andro izay ho avy, hoy ny TOMPON'ny maro, ka tsy hasiany miangana na ny fotony na ny sampany.*
*Fa hiposaka aminareo izay matahotra ny anarako kosa ny Masoandron'ny fahamarinana miaraka amin'ny fanasitranana eny amin'ny elany; ary hivoaka ianareo, ka hifaly havanja toy ny zanak'omby mifahy.*
*Ary hohitsahinareo ny ratsy fanahy; fa ho lavenona eo ambanin'ny faladianareo izy ireo amin'ny andro izay anaovako an'izany, hoy ny TOMPON'ny maro.*
*Tsarovinareo ny lalànan'i Mosesy mpanompoko, izay nandidiako azy tao Horeba ny amin'ny Isiraely rehetra, tamin'ireo didy sy fitsipika.*
*Indro,* ***Izaho maniraka an'i Elia mpaminany ho aminareo mialohan'ny fihavian'ilay andro lehibe sady mahatahotra an'ny TOMPO:***
*Ary izy no* ***hamerina ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka*** [Jaona Mpanao-batisa], *ary ny* ***fon'ny zanaka ho amin'ny rainy*** [Elia moderina], *fandrao avy aho ka hamely ny tany amin'ny fandringanana.*

Matio 11:10
*Fa izy no izy, ilay voasoratra. Indro, Izaho maniraka ny irako hialoha anao, izay hanamboatra ny làlanao eo alohanao.* [Malakia 3:1, Jaona Mpanao-batisa]

Matio 11:14
*Ary raha mety mandray azy ianareo, dia izy no Elias, izay ho avy.* [Jaona Mpanao-batisa]

Matio 17:11-12
*Ary Jesosy namaly ka nanao tamin'izy ireo hoe, Elias dia ho tonga tokoa aloha, ary hamerina ny zavatra rehetra amin'ny laoniny.* [Elia moderina]
*Nefa lazaiko aminareo, Ilay Elias dia efa tonga sahady, fa izy ireo no tsy nahafantatra azy, fa nanao izay sitraky ny fony taminy. Tahaka an'izany koa no hampijalian'izy ireo ny Zanak'olona.* [Jaona Mpanao-batisa]

Lioka 1:17
*Fa izy handeha eo alohany amin'ny fanahy sy ny herin'i Elias, mba hamerina ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny tsy mankatò ho amin'ny fahendren'ny marina; mba hanamboatra vahoaka voaomana ho an'ny Tompo.* [Jaona Mpanao-batisa]

# Ny Teny

**Hebreo 4:12**

Fa ny tenin'Andriamanitra dia velona, sy mahery, ka maranitra noho ny sabatra roa lela, manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy aza, ary ny tonona sy ny tsoka, ka mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo.

Miaraka amin'ireo foto-pampianarana, anaram-piangonana, ary fombam-pivavahana maro be ao amin'ity izao tontolo izao moderina ity, aiza no sahaza ny mpino marina? Raha i Petera, Jakoba, ary Jaona no teto an-tany androany, anaram-piangonana inona no nikambanan'izy ireo? Mbola hanaraka ny asam-panompoan'izy ireo foana ve ireo fahagagana sa hilaza izy ireo fa efa ela no lasa izany andro izany? Hanao marimaritra iraisana ve izy ireo eo amin'ny batisa? Hanaraka ny fampianaran'ny fiangonany ve izy ireo na dia Teny kely iray fotsiny aza no miala? Hino ny Baiboly ve izy ireo, sa hino ny Fariseo sy ny Sadoseon'izao andro izao izy ireo?

Apetraho amin'ny tenanareo izao fanontaniana izao: Raha teto Jesosy Kristy androany, hahafoy ny zavatra rehetra ve ianareo mba hanaraka Azy? Hino ny Teniny ve ianareo?

Izy dia nanome anareo ny fanararaotra mitovy tamin'izay Nomeny an'ireo Mpianany. Mametraka an'ity trakta ity eo an-tànanareo Izy mba hamerina anareo indray amin'ny Teniny, ny Baiboliny. Hanao marimaritra iraisana ve ianareo?



*Ry lehilahy sy vehivavy, ry sakaiza, fantatrareo ve fa ilay Andriamanitry ny Lanitra izay nanangana an'i Kristy Jesosy tamin'ny maty, dia tsy maty Izy fa velona Izy. Ary raha nihazona ny Teniny tamin'i Davida Izy, raha nihazona an'izany tamin'i Elia Izy, raha nihazona an'izany tamin'i Mosesy Izy, raha nihazona an'izany tamin'ireo zanaka Hebreo Izy, raha nihazona an'izany tamin'i--tamin'i Daniela Izy, dia hihazona an'izany amiko sy aminareo Izy.*



**Te-hahafantatra bebe kokoa ve ianareo?**

www.nyhafatra.org

na

Voice Of God Recordings
PO Box 950
Jeffersonville, IN 47131 USA



# Ny Zava-Miafina An'Andriamanitra

APOKALYPSY 10:7

www.nyhafatra.org

VOICE OF GOD RECORDINGS
PO BOX 950
JEFFERSONVILLE IN 47131 USA

MALAGASY